

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.
Archevêque d'Antsiranana
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTSIRANANA
Madagascar



“ “TSY TONGA MBA HO TOMPOINA FA HANOMPO....” (Mk 10, 45)

Ho antsika Vita Batemy jiaby sy ny olona tsara sitra-po rehetra, Olo Araiky ato amin’ny Diosezy,

Homba antsika minakavy anie ny fiadanan’ny Tompo!

“TSY ISIKA FA NY FAHASOAVAN’ANDRIAMANITRA MIARAKA AMINTSIKA”

Feno 60 taona anio ny diosezintsika. Vokatry ny vavaka, dinika am-panahy ary ireo fifanakalozan-kevitra miainga amin’ny famangiana pastôraly ary indrindra avy tamin’ny fivorian’ny pretra farany teo(mois sacerdotal) ity hafatra zaraina amintsika Oloaraiky ity.

Miara-misaotra an’Andriamanitra isika fa asehony amintsika isan’andro ny fitiavany sy ny famindrampony nandritra izay 60 taona izay ary mino isika fa hotohizany izany amin’ny 60 taona manaraka.

Miandry antsika tokoa ny Diosezy fa indrindra amin’izao 60 taona vaovao. Handray an-tanana azy isika. Tiako àry ny hanampy antsika amin’izany firosoana amin’ny lalindalina izany ka dinika mikasika ny Eglisy no atolotro.

Fototra sy loharano ny Eglisy satria ny Eglisy no maha OloAraiky antsika handray an-tanana manontolo ny ho avy izay niany fa tsy amaray araka ny fiteny filamatra noraisintsika. Noho izany tsara ny mahalala ny maha-Eglisy ny Eglisy mba hivelomantsika azy. Hahatonga antsika hahay hampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro amin’izao idirantsika amin’ny 60 taona vaovao ary indrindra hiomanantsika amin’ny fankalazana ny faha 60 taonan’ny Arsidiocesezintsika (11 Desambra 1958 – 11 desabro 2018).

Eglisy ny Eglisy raha mivavaka mankalaza an’Andriamanitra. Manomboka any amin’ny Fianakaviana, Eglisy kely, no tsy maintsy hivelomana ny maha Eglisy mivavaka. Maniry aho raha maniry mba ho fianakaviana mivavaka ny fianakaviantsika rehetra araka ny hafatra efa natolotra antsika.

Ny litorjia, “asan’Andriamanitra”, no hanehoana ny maha-Eglisy mivavaka. Aoka hajaina tsara ny fanomanana sy fanatanterahana izany “asan’Andriamanitra” izany mba ho “tsara, mendrika ary marina”. Atomboka any amin’ny Eglisy Fiombonana (Eglisy ambanivolo na sektera), mandalo amin’ny Eglisy Fototra (Inspection, kartie) sy Eglisy Iraka (Mission, Paroasy) ka hatraty amin’ny Sektera SAVA sy Avaratra ary amin’ny Diosezy ny ezaka ataontsika fa indrindra amin’ny fankalazana lehibe iombonana. Mbola hisy fanentana manokana mikasika an’izany fa dien’izao aoka samy hilofo mijery izay tsara hotanterahina.

Eglisy ny Eglisy raha mandalina ny finoany. Maty ny Eglisy anankiray izay tsy miezaka halala ny voatoampinoana satria na dia iray ihany aza ny finoana dia miseho amin’ny endriky anankitelo tsy azo sarahina ka tena mifaningotra ary mifameno tokoa :

- *finoana inoana, ifikirana, avy amin’ny fampianaran’ny Eglisy vokatry ny Fanambaran’Andriamanitra,*
- *finoana ankalazaina (litorjia), aseho,*
- *finoana iainana, ambara.*

Mila alalinina mandrakariva ireo mba ho finoana velona tokoa ka zary latsapaka eo anivon’ny fiainana : “*Toy ny ahafatesan’ny vatana tsy misy fanahy no ahafatesan’ny finoana tsy omban’asa koa* ” (Jk 2, 26).

Ny Katesizy no loharanon’ny fandalinam-pinoana ary ny fandraisana sy fankalazana Sakramenta no famantarana azy ka milpaka amin’ny fiainana. Mila fandaminana ireo rehetra ireo mba tsy hifangaro ary aoka tsy samy mila ho azy. Atomboka any amin’ny Fianakaviana Eglisy kely ny katesizy fandalinam-pinoana... Ezaka apetratsika ho vatofehizoro ny faha 60 taonan’ny Arsidiocesezy (2018) ny fananana katesizy sy rafitra manokana ary atao ivotoerana ny fandalinam-pinoana.

Eglizy ny Eglizy raha mijoro manambara ny Finoany ka zary Fahazavana sy Famantarana eo anivon'ny Mpiara-belona. Izany no antom-pisian'ny Fikambanana Masina sy ny Firohotana, hanampy ny vita Batemy ho famantaram-pamonjena eo anivon'ny fiaraha-monina. Noho izany tsy any amin'ny Paroasy no fototra fa miainga avy amin'ny Kartie, Eglizy Fototra : "tsy finoana mikombona no manentana eo anivon'ny Fikambanana sy Firohotana fa fiainana mivelatra zaraina amin'ny hafa". Ezaka lehibe hanentanako manokana ny Fikambanana Masina sy ny Firohotana izay tena miroborobo tokoa ankehitriny ny hametraka sampana, giropy sns... any amin'ny Eglizy Fiombonana. Fanamby ho tratrantsika izany amin'izao 60 taona vaovao ary hanomanantsika ny fankalazana ny faha 60 taonan'ny Arsidiocesezy.

Eglizy ny Eglizy raha manompo *satria manahaka an'i Kristy "tsy tonga mba hotompoina fa hanompo"*. Sarny nomen'Andriamanitra talenta isika entina hanompo. Manasa antsika tsirairay avy hiditra ho anisan'ny voamiera izay manavanana anao : justice et paix, vvs-caritas, fandalinam-pinoana, fiantsoan'Andriamanitra, sakaizan'ny seminar, serasera, fitantanana Atao izay hijoroan'ny voamiera any amin'ny Eglizy Fiombonana... Anjaran'ny voamiera efa misy eo anivon'ny Eglizy Iraka(paroasy, mission) no manentana sy mana be ireo voamiera any amin'ny Eglizy fototra sy Eglizy fiombonana mba hahafahany miasa sy manompo.

Eglizy ny Eglizy raha mandray an-tànana ny fiaínany amin'ny lafiny rehetra. Mitondra fanantenana ny ezaka fiaraha-mientana ataontsika OloAraiky. Marina tsy ho hita eo no eo ny vokatra fa miroso tokoa isika **amin'ny fam pitrao fana ny finoana sy ny fiaínana andavanandro**. Mahavelombolo ny mahita ny vita Batemy tsirairay hatramin'ny tsaiky madinika ka hatramin'ny Olobe samy mirotsaka mandray an-tànana fa indrindra amin'ny hasimpinoana. Marina ny "omby iray vala tsy miara-mifoha" hoy ny fiteny. Matoky isika fa ho vitantsika io fandraisana an-tànana io, ataontsika anatin'ny maha-OloAraiky ary mangaraharaha.

Ny tanjona ho antsika dia ny mba hahatonga antsika ho Eglizy velona.

Eglizy velona isika raha isika **tsaiky jiaby zary misioneran'ny famindrampon'Andriamanitra** .
Eglizy velona isika raha ny **tanora jiaby zary misioneran'ny fanentanana {Génération Makarios }**.

Eglizy velona isika raha ny **Olombe, ny Ray aman-dReny zary misioneran'ny fifankatiavana** .

Eglizy velona isika raha ny **voatokana rehetra, Eveka, Pretra sy Relijozy lehilahy sy vehivavy zary misioneran'ny fanompoana**.

Mbola hisy taratasy manokana atolotra ny isan-tsokajiny hanazavàna izay andrasana amintsika tsirairay mikasika ny maha-misionera antsika. Dieny izao dia aoka ankinintsika amin'Andriamanitra izao firosoantsika amin'ny faha 60 taona vaovao izao. Enga anie ho Pantekôty Vaovao ny fametrahantsika Eglizy velona.

Ny Fo Masin'l Jesoa Mpiaron'ny Dioseintsika anie hampibaribary amintsika mandrakariva ny Famindrampon'Andriamanitra fa indrindra amin'izao Jobilin'ny Famindrampo izao. Sarny hiezaka isika ampiantony vavaky ny Fo Madion'iMaria mba ho famindrampo amin'ny toerana rehetra misy antsika sy amin'ny fotoandrehetra. **Mamporisika ny Paroasy aho hanorona SAPELIN'ny Famindrampo ahafahan'ny olona mivavaka na dia mihidy aza ny Eglizy**. Mitsodrano anareo tsiraray aho ary mangataka vavaka afahako manompo anareo bebe kokoa araka ny sitrak'Andriamanitra.

Nosoratana androany faha-14 Septambra,

Fankalazana ny nanandratana ny Hazofijaliana

sady ahatsiarovana ny faha-60 taonan'ny Diosey

Père Evêque Benjamin Marc Ramaroson, cm

Arsevekan' Antsira nana